# ALAHADY 26 MEY 2019

**« Fa ny ota tsy hanan-kery aminareo; fa tsy mba ambanin’ ny lalàna hianareo, fa ambanin’ ny fahasoavana ». Romana 6 :14**

**Reny feno ny Fanahy Masina – Reny ambany Fahasoavana**

Misy fahamarinana 2, izay ihany no noeritreretiko ho resahina amintsika amin’ity maraina ity.

Ny **<u>fahamarinana 1</u>**, efa noresadresahina tamin’ny fanombohana ny fotoana teo, dia ny ao amin’ny Romana izany : **<u>tsy manan-kery aminao izay eo ambany fahasoavana ny ota</u>**. Ny manan-kery aminao ny ota.

Inona moa ity ota ity ? Ny ota ry havana dia ilay poizina natelin’i Adama sy Eva tany amin’ny saha Edena, ka niteraka fahafatesana ho an’ny taranany rehetra. Io ilay fiodinana amin’Andriamanitra, « rebelle », tsy te hanaraka ny tenin’Andriamanitra fa nihaino ny feon’i satana, ary tao anatiny tao ny fizahozahoana : hitovy amin’Andriamanitra ianao raha mihinana an’ity. Izay ilay ota.

Ny ota sy ny asany dia mifanohitra tanteraka amin’ny fikasan’Andriamanitra ho an’ny olona. Ilay fahavalon’Andriamanitra fantatsika, mpanjakan’ny fahamaizinana, no nampiditra io ka nahatonga ny fahafatesana. Dia hoy ny Soratra Masina : *« Fa fahafatesana no tambin’ ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin’ Andriamanitra ao amin’ i Kristy Jesosy Tompontsika »* **Romana 6 :23.** Izao anefa : noho i Jesoa dia azontsika atao ny afaka amin’izany fanagejan’ny ota izany, satria io ota io manandevo, mangeja ; tsy tompon’ny tenany ny olona fa tarihin’ny filana rehefa io ota io no mameno ny fiainany. Isaorantsika Andriamanitra, fa noho i Jesoa, Izy no nitady lalana ary nandrava an’izany herin’ny ota izany. Novakiana izany tao amin’ny **Romana 6 :1-14,** ny nadravan’i Jesoa an’izany ota izany. Ka hoy Paoly manao hoe : « Tsy fantatrao va ?» Misy

fahamarinana izany tokony ho fantatrao, tokony iainanao isan'nadro isan'andro. Fa izao aloa e : tsy ho tanteraka aminao ilay izy an, raha tsy, voalohany, efa nanaiky an'i Jesoa sy ny avotra vitany teo amin'ny hazo fijaliana ianao. Izay ny voalohany, izay ny dingana voalohany : miaiky ianao fa mpanota, mivelona amin'ny faharatsiana ka mila vonjy : « vonjeo aho, vonjeo aho Tompo ô, mino aho fa ianao, ny avotra vitanao no mamonjy ahy, mifona amin'ny fiodinako aho ». Rehefa nanao an'izany tamin'ny fonao rehetra ianao dia mandray anao Jesoa : miditra eo amin'ny fiainanao Izy, ary manova ny toerana misy anao taloha : toeran'ny mpanota, hanjakan'ny ota, dia tonga amin'ny nouvelle situation, position vaovao ny fiainanao isan'andro. Ny fahasoavana mampiditra anao amin'izany toerana vaovao izany ary mampianatra anao handeha mendrika amin'izany toerana vaovao izany. Ny fahasoavan'Andriamanitra no manatanteraka an'izany : miaina fiainam-baovao, afaka amin'ny ota. Rehefa nandalo fibebahana ianao, dia fantatrao ny hevitry ny atao hoe batisa izay efa nanaovana anao, nandevenana anao sy nanombohana ny ota ka niara-maty tamin'i Kristy teo amin'ny hazo fijaliana ianao ary nitsangana niaraka taminy. Tsy afaka hitoetra amin'ny ota intsony ianao, satria efa lasa miray amin'i Kristy, efa maty ny amin'ny ota ianao. Io ny fahamarinana : tamin'i Jesoa maty teo amin'ny hazo fijaliana, dia maty noho ny otantsika Izy, naka ny toerantsika Izy, toerana mpanota, kanefa tsy maty nisolo toerana antsika mpanota fotsiny Izy, fa Izy mihitsy no solontsika ; ilay mihantona eo izany : izaho no mihantona eo : nisolo ahy Izy. Tsy naka ny toerako maha-mpanota ahy fotsiny Izy fa tena nisolo ahy mihitsy Izy ; koa ny fahafatesany, dia fahafatesako ; izany hoe, raha maty Izy, dia izaho no maty. Ny olana ny amin'ny ota dia voavahany avokoa ; izay ao amin'i Kristy Jesoa rehetra, amin'Andriamanitra, dia maty amin'ny ota izy. Koa tsy manan-kery aminao ny ota, rava ny heriny. Satria maty ny amin'ny ota i Kristy, dia maty ny amin'ny ota koa izay rehetra mino an'i Jesoa Kristy. Mety alaim-panahy angamba ianao hanao hoe : ny kristiana izany tsy manota intsony fa marina foana ; mety manota ny kristiana nefa tsy manana

fifandraisana amin'ny fahotana izy, efa voahombo teo amin'ny hazo fijaliana ny ota. Lavo izy, fa tsy miray amin'ny ota ; ary izany no mahatonga ny ao amin'ny **1Jaona 1 :7-8** hoe mety manota ianao, mety lavo ianao, tsy miandry Alahady maraina ianao vao manao hoe : « raha miaiky ny fahotantsika isika » ; fa raha vao mianjera ianao, tsapanao fa diso ny zavatra nataonao, dia miaiky helokao ianao : diso. « Tsy nety iny lainga nataoko iny », « tsy nety ny tahaka an'izao, mifona aho Tompo ô, diovy amin'ny ranao aho ». Eo noho eo dia voadio amin'ny ran'ny Tompo ianao, dia miaina amin'ny fiainana voadio isan'andro isan'andro, noho ny ran'i Jesoa. Izany ny kristiana. Aza miandry Alahady vao hibebaka ; fa raha vao tsapanao fa nianjera ianao, diso, nanota ianao, eo noho eo ianao dia miaiky, fa hoy ny Soratra Masina hoe : *« Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin' ny tsi-fahamarinana rehetra ».* Izany ny olona ao amin'i Jesoa : voadio isan'andro, manana fiainana voadio, fa tsy miaina amin'ny ota fa efa maty ny amin'ny ota izy. Tsy afaka mitoetra amin'ny ota intsony izy satria miray amin'i Kristy. Maty ny amin'ny ota ny mpino ary velona ao amin'Andriamanitra.

Koa ny fahamarinana 1 ary : Tsy manan-kery aminao izay ao ambanin'ny fahasoavana ny ota. Ianao reny, reny mino, tsy manan-kery aminao ny ota satria miray amin'i Kristy ianao ; ary ianao reny izay efa voadion'ny ran'i Jesoa, ary miray amin'i Kristy, dia izao : matoa ianao mbola velona, manana mission spéciale voatokana ho anao ny Tompo. Tsy natao hoe ho tonga ao am-piangonana fotsiny ny reny, isika rehetra mantsy izany, ka hoe hanafana dabilio, azafady, fa misy mission ampanaovin'Andriamanitra ny reny rehetra.

**<u>Fahamarinana 2</u> : Manana mission voatokana ho anao Reny ny Tompo**

Mahagaga ny famonjen'Andriamanitra ny reny. Raha lavo tamin'ny ota ny reny voalohany, ka niteraka fahafatesana ho an'ny taranaka manontolo, dia nifidy vehivavy tsotra iray tany

Nazareta ny Tompo ho reny hananganana ny reny rehetra manaiky ho vonjena. Namangy an'izany vehivavy izany ny anjely Gabriela nirahin'Andriamanitra, ka hoy izy : arahaba ry ilay nohasoavina ; aza matahotra ry Maria fa efa nahita fitia tamin'Andriamanitra ianao. Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny tena voasoratra ao, dia lehilahy anankiray koa izay nahita fitia tamin'Andriamanitra, **Genesisy 6 :8,** tsy iza izany fa Noa, nahita fitia tamin'Andriamanitra ka narovany i Noa sy ny ankohonany tamin'ny safo-drano, raha nandripaka izao tontolo izao Izy, satria nahita fitia tamin'Andriamanitra. Tahaka an'izany koa i Maria, nahita fitia. Amin'ny teny frantsay hoe : « Noa trouva grâce aux yeux de l'Eternel ». Nahita grâce ; Maria dia nahita an'izany, nohasoavina, nahita fitia tamin'Andriamanitra. Ary tamin'ny fotoana izay nanambarany fa hoe hitoe-jaza avy amin'ny Fanahy Masina izy, dia feno ny Fanahy Masina i Maria ; ary raha namangy an'i Elizabeta havany izy, vao namangy fotsiny izy hoe : aody, tsy izany angamba ny fomba fiteniny, fa izany ny any aminay any hoe aody, nibitaka ny zaza tao an-kibon'i Elizabeta ; Elizabeta sy ny zanany feno ny Fanahy Masina, satria namangy tao Maria miaraka amin'i Jesoa tao an-kibony. Sady feno ny Fanahy Masina izy no teo ambanin'ny fahasoavan'Andriamanitra. Maria dia nomena fahasoavana. Inona moa no atao hoe fahasoavana ? Ny fahasoavana dia fanomezana antsika izay tsy mendrika, tsy hoe mendrika omena zavatra ianao, fa nomena ianao na dia tsy mendrika aza. Izay no atao hoe fahasoavana. Andriamanitra nanome ny zanany hisolo antsika mpanota tsy mendrika : fahasoavana izany. Hoy Maria rehefa nandre ny tenin'ny anjely Gabriela ; hoy izy hoe : *« inty ny ankizivavin'ny Tompo, aoka anie ho tonga amiko araka ny teninao »*. Inona moa izany teny nataon'i Maria izany ? Eto dia hitantsika ny toetran'i Maria : Maria nanetry tena : inty ny ankizivavin'ny Tompo, izany hoe : « je suis la servante du Seigneur », inty ny ankizivavin'ny Tompo : nanaiky ny fahambaniany izy, nanetry tena izy dia nanaiky ny sitrapon'Andriamanitra. Izany ny toetran'i Maria. Dia nitoetra tao an-kibony ny zaza ; naissance virginale io an, zavatra mahagaga izany. Ary teo

amin’ny Isiraely, zava-doza izany hoe tsy manambady nefa bevohoka izany. Nolanjain’i Maria izany fahafaham-baraka izany, hoe bevohoka tsy nanambady. Nanaiky izy satria fantany fa avy amin’Andriamanitra, zanak’Andriamanitra, mpamonjy izao tontolo izao, izany no tao an-kibony, io ilay zanak’olona.

Ry reny malala izay manatrika eto, ianao, isika no Maria, raha manaiky ilay fanomezana omen’Andriamanitra ho an’izao tontolo izao, ka mamaly ny fanasana, satria hoy Izy : « *Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko ».* Miditra ao anatinao Jesoa ary mitoetra ao anatinao Izy, rehefa ampidirinao ao, miditra ao Izy. Ka raha miditra ao Izy, ao anatinao, tahaka an’i Maria ; ny mission an’i Maria dia ny nitondra ny zanak’Andriamanitra tao an-kibony, hamonjy izao tontolo izao, hanatanterahina ny famonjena. Ianao, izaho, isika tsirairay avy, mitondra ny Mpamonjy eto amin’izao tontolo izao. Izay no mission voalohany. Moa tsy ao aminao va Jesoa ? Raha miray aminao Izy,ivelomanao, zarainao amin’ny vadinao, zarainao amin’ny zanakao, amin’ny ankohonanao, amin’ny manodidina anao, amin’ny mpiara-miasa aminao, tanteraho ny baiko izay nataon’i Jesoa taminao hoe : mandehana, mandehana. Izy tsy miteny hoe mijanona na miverena fa mandroso, mandroso.

Fantaro izay mission omen’Andriamanitra anao. Isika tsirairay avy ireto, reny feno ny Fanahy Masina , dia reny, araka ny Soratra Masina, hoe : *« Fa hahazo hery ianareo amin’ny hilatsahan’ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko ».* Izay ny hevitr’io hoe hahazo hery : reny mijoro fa tsy mangozohozo satria efa nafahan’i Jesoa tamin’ny ota. Izany ny reny feno Fanahy Masina. Isika tsirairay avy ireto, omen’ny Tompo an’izany Fanahiny izany raha manokatra ny fanahinao ianao, ny fonao ianao, ka manao hoe : « inty aho Tompo o, inty aho » : isan’andro ianao dia manolotra ny tenanao ho azy, inty aho Tompo o : manana mission omena anao ny Tompo, tsy

maintsy tanterahinao. Ny zavatra fanaoko, isan'andro isan'andro, isaky ny mifoha ao am-pandriana aho, dia tsy maintsy miteny aho : « inty aho Tompo o, inty i Lilie, atolotro anao ny fiainako : atolotro anao ireto tanako ireto hanao soa, ny masoko mba hahita ny fijalian'ny olona ka hiantra, ny vavako mba hiteny fiainana, ny tongotro mba hanao izay sitraponao » : manolotra ny tena isan'andro isan'andro ho an'Andriamanitra. Izany ry reny malala, ny vehivavy feno ny Fanahy Masina. Dia eo ny Tompo maniraka anao amin'ny tiany atao.

Zavatra anankiray koa : reny vavolombelona ; « hahazo hery ka ho vavolombeloko » ; n'aiza n'aiza toerana misy azy, na ao an-tokantrano, na amin'ny fivoriam-pianakaviana, na toeram-piasana, na amin'ny manodidina : vavolombelona. Mino aho fa izany isika tsirairay avy : tsy mora voatoana amin'ny resaka kivanivany, votsivotsi-dratsy, fifosana, fanaratsiana, fa reny vavolombelona.Izay isika.

Reny feno fitiavana : ny vokatry ny Fanahy, raha reny feno ny Fanahy Masina isika, ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana, **Galatiana 5 : 22-23 :** feno fitiavana, sy ny vokatry ny Fanahy rehetra. Izay no porofo fa nandray ny Fanahy Masina ianao. Fête des mères androany : sao misy tsy voavangy, tsy namangy ny zanaka dia midongy : tsy tia ahy ny zanako, ary minoa aho fa noho ny vinantoko mihitsy no mahatonga ny zanako tsy mamangy ahy na tsy ni-téléphone. Aoka isika handeha araka ny Fanahy : esory ao anatin'ny fonao ny eritreri-dratsy, ny zavatra izay tsy mifanaraka amin'ny sitraponao, fa mahaiza misaotra.

Reny mahay antitra : efa somary zokinjokikiny daholo ; izaho izay miteny moa dia efa ao anatin'ilay izy, ilay hoe zokiolona. Ary misy boky iray izay izay tena nanampy ahy tokoa, boky efa ela, bokin'i Paul Tournier, raha mahita ianareo dia mba mividiana : « Apprendre à vieillir », izay ilay boky. Dia misy anankiray koa, boky anankiray koa, tsara : « Bien vieillir ». Mba mila mianatra ho antitra isika. Raha

mbola eo amin’ny 50 taona ianao dia efa manomboha mianatra ho antitra, fa tena mandreraka be ilay antitra be kizitina, mizizo, azafady an. Mila mianatra ; tsy mbola tara re re olona e, na efa zokiolona aza ianao, dia mila mianatra. Fantaro ny kilemanao, fantaro ny toetra toetranao, angataho ny Fanahy Masina hifehy an’izany. Indraindray an, tarazo avy any amin’ny renibe-nao na ny reninao na ny dadabe na ny tsy fantatro tany aloa tany, io fa tonga ao aminao, ka rehefa antitra ianao dia mipoitra aminao, ary mipoitra matanjaka be : reraka ilay tanora, reraka ilay zanaka. Mila mianatra ho antitra isika : antitra mahafinaritra, antitra manome toky, antitra mivavaka ho an’ny taranany, tahaka ny nataon’i Joba, mivavaka ho an’ny taranany, nanao fanatitra ho an’ny zanany, sao dia misy manota ny zanako any, hifona ho an’izy ireny aho, izany no nataon’i Joba. Ianao koa ry havako, aoka mba ho antitra tahaka an’izany : mivavaka, fa tsy antitra sarotiny.

Neny o, aza fenoina hevi-dratsy ny saina sy ny fo, fa fenoy ny tenin’Andriamanitra : reny tia ny tenin’Andriamanitra, miaina amin’ny tenin’Andriamanitra : vakio ny mofon’aina e, vakio ny mana isan’andro e, dia ampiaro eo amin’ny fiainana izany. Izany no reny feno ny Fanahy Masina tadiavin’ny zanaka sy ny taranaka.

Ity koa anankiray : reny manana projet. Aza mieritreritra hoe efa antitra aho. Manànà vina, fa tsy mitety havana fotsiny hiresaka, hiady, sanatria ; fa manana mission tian’Andriamanitra ampanaovina anao ianao, izaho sy ianao.

Mba hijoro vavolombelona kely aho fa efa hifaramparana : maro ny mahafantatra ahy. Tena niara niara akaiky izahay mivady. Rehefa retraite dia nomen’ny Tompo projet vaovao : mandehana atsangano ny toby Kristy voahombo, 2007 io. Rava ny toby Kristy voahombo, ny ray aman-dreny tao tsy nisy, tsy nisy fanokanana, rava ny tanànà, nianjera ny Fiangonana. Tena direct : mandehana atsangano. Any amin’ny 360kilometatra misy lalan-dratsy eo amin’ny 5km avy eo amin’ny arabe goudron, sarety na tongotra no andehanana ; Dia hoya ho : fa nahoana ?

Retraite aho ve hoy aho vao hanao an'izao ? Dia hoy ny Tompo hoe : ela izay nitorianao teny izay an : nandeha rôpilanina ianao, nandeha 4*4 ianao, nandeha tômôbile ianao, lalana tsara foana ; fa izao ; mandehana indray mba manao missionnaire dia ho hitanao, ho fantatrao hoe tahaka an'izao kay ny atao hoe missionnaire amin'izao fahanteranao izao. Eny ary, lasa aho. Ary lazaiko anareo fa raha misy aminareo faly, izaho faharoa na fahatelo, feno fifaliana aho any amin'izany toerana izany. Dia natao izay azo natao momba ny Tompo, lasa ny vady, vady niankinana an, 2012, dia hoy aho : dia ahoana izany, hijanona aho ve ? Dia hoy ny Tompo : « Izaho Jehovah no vadinao, no mpanavotra anao, Izaho no Jehovah izay miaraka aminao ; tsy mahafoy anao na mandao anao Aho ». Mahasahy mijoro vavolombelona aho fa tena marina tanteraka 100% izany teny izany, tena miaraka amiko ny Tompo. Rehefa malaheloelo aho, misy zavatra omeny ahy mampifaly ahy ; raha tsy manam-bola aho, satria izahay manao trano, mandehana anie mankany ianareo, fa feno trano any izao an, ary manao Fiangonana ngeza be izahay, izay mahazaka olona 2500, izao isika miteny izao. Teny baiko avy amin'ny Tompo io, ataovy io Fiangonana io. Mandeha, hanatanterahina izany. Tena mitahy ny Tompo, tena ara-bakiteny ; fa rehefa Izy no milaza aminao hoe : momba anao Aho, miaraka aminao, « je suis de ton côté », tena miaraka aminao Izy, manampy anao amin'ny zavatra rehetra, ary manaisotra ny alahelonao. Andriamanitry ny tany rehetra Izy. Dia tanteraka tokoa ny teniny an : nitsangana ny Sekoly, tsy nisy Sekoly tany an ; hatramin'izao an, hatramin'ny classe de 3è, eo ain'ny 300 eo ny mpianatra ; nitsangana ny Sekoly katekista izay isaorako anareo eto, 50 izao, amin'ny Octobre lasa 60, 2ans, hihantohana daholo na sakafo na inona izany Sekoly izany. Isaorana manokana anareo izany. Maro ny trano mitsangana, raha presque tsy nisy tao noho ny cyclone efa voalaza teo sy ny hai-trano. Isaorana ny Tompo. Ary isaorana ny Tompo, efa manana missionnaire 2 izahay any Betroka, ambanivohitr'i Betroka. Mba eritreretonareo izany zavatra ataon'ny Tompo izany. Lavitra izany Betroka izany raha oharina amin'i Kristy voahombo.

Maro ireo katekista manangana Fiangonana amin’ny faritra Sofia, Bealalana, Mandritsara ; Aoka mba tsy ho eto merina sy Antsirabe sy Fianarantsoa ihany no hitoriana ny filazantsara fa any amin’ny toerana maizina rehetra. Mitady anao reny feno Fanahy Masina ny Tompo hanatanteraka ny vision-ny Tompo, ny projet-ny : mitrakaha, mijoroa. Tsy misy izany hoe antitra izany e, ny taona rehetra dia ampiasain’Andriamanitra, na dia 80 taona aza ianao, ampiasainy, na 90 taona aza. Fa mitenenana tahaka an’i Maria hoe : *« inty ny ankizivavin’ny Tompo, aoka anie ho tonga amiko araka ny teninao »*. Farany : vehivavy antitra 2 voaantso tany iles hébrides, hivavaka ho an’ny taniny, ho an’ny fireneny : mirehitra foana ny jirony satria mivavaka foana izy. Raha vao taitra, dia iny fa mivavaka : efa miha-kely mantsy ny torimaso rehefa manomboka antitra ; nino izy fa hamonjy ny Tompo ; feno kilalao sy faharatsiana ny tanànà misy azy,  izany iles hébrides izany. Indray alina, tsy nampoizina, nisy hiakiaka tao an-tokontany, eran’ny arabe, misy olona midabodaboka mandohalika, mitomany, mibebaka ny olona, dia nihitatra nihitatra, fa inona ? Tonga ny fifohazam-panahy ; namangy ny iles hébrides Andriamanitra : tonga ny fifohazam-panahy, satria nisy vehivavy 2 antitra nivavaka, nivavaka, nivavaka, tsy nitsahatra. Mamaly vavaka ny Tompo : vehivavy antitra tia vavaka nanatriatra ny lanitra ka nidina ny Fanahy Masina.

Ry reny malala ô, nahoana moa no tsy ianao izany vehivavy izany ? Tsy manan-kery aminao ny ota hoy ny fahamarinana voalohany, satria efa voahombo niaraka amin’i Kristy eo amin’ny hazo fijaliana ianao ; satana izany tsy manana affaire aminao intsony satrio io no fanindronan’i satana io ota io. Fa rehefa afaka aminao ny ota, tapaka, tsy voageja, dia manana fifandraisana mivantana amin’Andriamanitra ianao miaraka amin’i Kristy. Efa voahombo miaraka amin’i Kristy eo amin’ny hazo fijaliana aho, hoy Paoly, tsy ianao intsony, tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko ary izay hivelomako ankehitriny amin’ny nofo dia hivelomako amin’ny finoana ilay zanak’Andriamanitra izay efa tia ahy, ka maty

nisolo ahy, hamonjy ahy, **Galatiana 2 :20**.

Aoka ho reny feno ny Fanahy Masina ianao, reny mametraka dian-tongotra ho an'ny taranakao, sy eto amin'ny Nosy, satria reny feno fitiavana, mandresy ny faharatsiana, ary manatanteraka mission napetraky ny Tompo ao am-ponao. Mahereza, mijoroa, fa momba anao hatramin'ny farany Andriamanitra ary tsy hisaraka aminao mandrakizay Izy, mahatoky ny anarany.

Amena.